# SEKOLY PROVIDENCE AMPARIBE-MADAGASIKARA

## Fidiran'ny Sekoly Providence Amparibe

Taorian'ny fihibohana tanteraka naharitra dia nanomboka tamin'ny fomba ofisialy ny taompianarana vaovao 2020-2021 ny sekoly Providence Amparibe, nifamotoana teo an-tokontany malalaka ny mpianatra, ny mpampianatra sy ny masera mpiandraikitra nanome ny tsara ho fantatra amin'ny ankapobeny.



Na dia eo aza ny fepetra henjana hisakanana ny valan'aretina Covid 19 dia faly nifankahita indray ny mpianatra, faly ihany koa ny ray aman-dreny amin'ny fiverenan'ny fampianarana indray. Sorona Masina no nanamarihana io fidirana io.

## Kônfesy voalohany mpianatra 68 sekoly Providence,

Ny Sabotsy 21 nôvambra 2020, mpianatra 68 tato amin'ny sekoly Providence no nandray ny sakramentan'ny fampihavanana voalohany.



Nanomboka tamin'ny 8 ora ny fankalazana, nosokafan'i masera Bernadette Lucienne talen-tsekoly tamin'ny teny fampidirana. Pretra efatra no nizara ny sakramenta. Masera Dolline izay nanomana ireo mpianatra ireo no nanentana ny fankalazana : famakiana ny Tenin'Andramanitra, hira, mozika,noelanelanin'ny fahanginana.



Niaraka tamin'ny ray na reny ny mpianatra nandray ny sakramenta nandroso nanatona ny Pretra, rehefa vita ny kônfesy dia misy ray amandreny hafa mandray ilay mpianatra ary manatitra azy eny amin'ny toerany.

Taorian'ireo, ny ray amand-reny sy ny mpianatra hafa nandray ihany koa ny sakramentan'ny fampihavanana. Fijoroana ho vavolombelona tsara nataon'ny ray aman-dreny ho an'ny zanany. Nofaranana tamin'ny Sorona Masina sy fakana sary io fotoana io.

Mpianatra miisa 30 ao amin'ny kilasy faha 4 no hanao fihatahana masina amin'ny herinandro manaraka alohann'ny hanavaozany ny toky nomena tamin'ny Batemy Alahady 29 nôvambra 2020.